Fidangan'ny vidim-piainana 3
**Mety tsy ho zakan'ny vahoaka intsony**

Fitondrana Rajoelina 2
**Tsy miraharaha ny taombaovao, kolontsaina Malagasy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 5 aprily 2022 Laharana 1282 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Vehivavy TIM Toamasina 3
**Nanatanteraka asa sôsialy ny sabotsy teo**

Mamy Ravatomanga 2

## Ampangain'i Fanirisoa fa nanondrana andramena ny orinasany



Manakara sy Vohipeno faritra Fitovinany 2

## Fianakaviana traboina 500 nampian'ny fikambanana VVSD



Kmf / Cnoe 3

## Tokony ho alohan'ny fifidianana filohampirenena ny kaominaly




Printsy Andry Rodrigue 6

## Vahaolana ny fiverenana an-doharano



Kaominina Imito Fandriana 6
**Nizara fitaovana samy hafa ho an'ireo fokontany miisa 22**

«Championnat de Madagascar lutte» 5
**Fantatra ny anaran'ireo tompondaka 2022**

Daka kely

Tena zara raha nahazo tosika avy amin'ny lisany ny tena traboina ry Boaikely a !

TIM Morondava

# Vonona hatrany amin'ny fameloma-maso ny antoko

Vory lanona tao amin'ny Espace Mangazakà ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny distrikan'i Marondava faritra Menabe ny alahady lasa teo, nandritra ny fifampiarahabàna tratry ny taona, nokarakarain'ny mpitarika tao an-toerana notarihan'i Rivojaona Raherimihaja. Vory lanona tao avokoa ireo rantsana mandrafitra ny antoko toy ny vehivavy TIM, tanora TIM ary ireo mpikatroka eny ifotony toy ny FOK-TIM sy ny COMTIM ary ny DISTIM, nandritra ny fifampiarahabana natao. Lanonana tsotra no natao nefa nanana ny naha izy azy, hoy Rivojaona Rahemirimihaja, fa ny tanjona dia ny hamondronana hatrany ireo mpikatroka, fa tsy azo avela hatoritory, indrindra fa amin'izao fahasahiranana mahazo ny vahoaka Malagasy izao. Misy hatrany hoy izy ny fitaomana ny namana, fa fotoana izao ahafahana miray hina sy mamondrona ny hery, mba hahazoana fanjakàna amin'ny taona 2023. Mitaky asa anefa izany, ka dieny izao Morondava dia efa manomana ny paikady rehetra izay atao amin'izany. Taorian'ny teny sy kabary maro samihafa dia nisy ny fizaràna ny nofonkena mitam-pihavanana tamin'izany.



*Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny antoko TIM tany Morondava.*

**Helisoa**

Manakara sy Vohipeno faritra Fitovinany

# Fianakaviana traboina 500 nampian'ny fikambanana VVSD

Nanolotra fanomezana ho an'ny traboina, noho ny rivodoza farany nandalo teto amintsika ireny, tany Manakara sy tany Vohipeno faritra Fitovinany ny fikambanana mpanao asa soa any ampitandranomasina, ny fikambanana VVSD na Vehivavy Vonona Sahy Diaspora. Taorian'ny nisian'ny loza voajanahary izay nampitondra faisana ny vahoaka Malagasy, satria marobe ireo traboina manerana ny Nosy vokatr' izany. Tsy nitazam-potsiny ny fikambanana VVSD, fa nisy ny tolotanana nataony ho an'ireo traboina teto Antananarivo Renivohitra niisa 600. Tsy Antananarivo irery anefa no Madagasikara hoy izy ireo, ka nosafidian'ity fikambanana VVSD ity ny mponina traboina tany amin'ny faritra Fitovinany tao Manakara sy Vohipeno, ka traboina miisa 500 tafo no nisitraka ny fanampiana avy aminy. Ny tany Manakara, ireo traboina miisa 200 tafo tany amin'ny fokontany Maroalakely, no notolorana fanampiana ny sabotsy teo. Ny tany Vohipeno, ireo fianakaviana traboina miisa 300 no notolorana fanampiana tamin'izany ny alahady teo. Vary milanja 3 kg miampy labozia sy briquette, no natolotra tamin'izany. Faly ireo mponina tao Manakara satria dia tsy mba nisitraka fanampiana tamin'ny mpitondra fanjakàna nefa dia nianjadian'ny loza tamin'iny rivodoza Basirai iny. Koa nankasitraka ny fikambanana VVSD izy ireo, ary nanome toky izy ireo fa ao ambadiky ny fikambanana, ny fikambanana VVSD izay fikambanana mpanao asa soa fa tsy manao politika. Ny tao Vohipeno ihany koa, faly ireo olobe Ampanjaka tao antoerana, tao amin'ny Tranoben'ny taranak'Andriamahazonoro raha nandray ny fanomezana natolotry ny VVSD, satria ireo ray amandreny ireo no nosafidiana manokana ihany koa nandray ny fanampiana niaraka tamin'ireo mponina traboina any an-toerana. Tsy kely ireo hoy ireto farany fa tena zavadehibe aminay. Ny irariana hoy izy ireo dia ny hitsinjovana azy ireo hatrany, satria tena mahatsiaro fangirifiriana tokoa izy ireo ankehitriny, potiky ny rivodoza avokoa ny vokatra any an-toerana amin'izao fotoana, na ny vary, na ny voankazo isan-karazany, sns…



*Ireo fianakaviana traboinan'ny rivodoza, nahazo fanampiana tamin'ny VVSD tany Manakara.*


**Isambilo**

Mamy Ravatomanga

# Ampangain'i Fanirisoa fa manondrana andramena ny orinasany

Mampiseho porofo ao amin'ny tambazotran-tserasera sôsialiny ny mpitsara Fanirisoa Ernaivo, izay monina any ivelany amin'izao fotoana, fa manondrana andramena antsokosoko mankany ivelany ny orinasan'ny mpandraharaha ara-toekarena Mamy Ravatomanga. Araka ny fanambarana nataon'I Fanirisoa:vValiny nolazaindRavatomam nga : tsia tsy manao izany aho, tsy hypothequer-ny orinasany amin'ny traffic-na bois de rose", hoy izy.
Ny tena marina hoy i Fanirisoa, tena nanao ary tena nanondrana bois de rose na andramena izy, ka ny SODIATRANS no manao azy, ny antsoina hoe Société MAINLAND, no associée aminy amin'izany hoy ity mpitsara Malagasy efa filohan'ny SMM teo aloha ity. Ny SODIATRANS, no mitatitra ny entana sy mandefa azy any CHINE, mandalo any SINGAPOUR. Manao fausse déclaration izy ireo miaraka amin'nyTransitaire SCAC- SDV araka ny vaovao navoakany ihany. Lazaina fa Lot d'Ilmenites no alefa kanefa dia bois de rose no anaty conteneurs hoy Fanirisoa. Hita hoy izy fa ny declaration ny SODIATRANS dia hoe Ilmenites avec les mêmes numeros de conteneurs sy numeros de scellés, fa rehefa ao anaty CERTIFICAT D'ORIGINE voalaza mazava tsara fa 1252 PIECES OF MADAGASCAR ROSEWOODS, no anatin'ireo conteneurs no-declarer-na hoe Ilmenites ireo. Voalaza tsara ao, fa 202 Tonnes 855 kg de rosewoods ilay izy ary même destination, même expediteurs. Hita ao koa fa même numero de scellé ny conteneur, izay manomboka MOL940091, ka hatramin'ny MOL9400100. Izany hoe 10 conteneurs. Hita koa ao anaty cetificat phytosanitaires N°1418/12/52TM/RP/MG du18 avril 2012, fa MADAGASCAR ROSEWOODS, bois de rose désinfecté par fumigation no ao anaty conteneurs. Nanao fausse déclaration ny SODIATRANS hoy Fanirisoa Ernaivo ary mody lazaina fa Ilmenites, kanefa bois de rose no alefa.
Ny SODIATRANS an'i Mamy Ravatomanga dia ao anatin'ny GROUPE SODIAT.

**Stefa**



MOL SDV
EXPORT CONTAINER ORDER RSO N°
SODIATRANS P/C MAINLAND
17560006196
FCIU3884522 MOL Y940094 20' DRY 22G1 30T280
MOL SYMPHONY 9814 B
SINGAPOUR SINGAPOUR XINGANG CHINE
01 LOT ILMENITE.
12/04/2012
VONAH MARIANE Shipping Manager

*Santionana antontan-taratasy navoakan'i Fanirisoa lazainy fa porofo.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

# Tsy miraharaha ny taombaovao, kolontsaina Malagasy

Gaboraraka tanteraka ny zava-misy eto Madagasikara amin'izao fotoana izao, izany no azo amintinana ity Repoblika faha-4 ity, hoy ny vahoaka sendra anay tamin' ny fotoam-pankalazana ny taom-baovao Malagasy, ny zoma 1 aprily lasa teo iny. Tsy misy zavatra manakoako hita avy amin'ny mpitondra fanjakana, ho fanehoana sy fanomezandanja izany taom-baovao Malagasy izany, nefa an'ny malagasy tanteraka hoy ny fanehoan-kevitry ny maro. Toerana 16 manerana an'i Madagasikara, no nahitana hetsika sy fankalazana malaza, raha tokony ho ny firenena manontolo mihitsy, toy ireny fanao mahazatra isaky ny 31 desambra, hifoha 1 janoary ireny no zavatra tokony hisy. Raha ny tokony ho izy dia fanehoan-kevitra, kabary sy poezia izay efa manana ny lazany tato ho ato io andro io, andro tokony hanandratana ny maha- Malagasy, andro fanehoana fa iray marina Ra-malagasy, nefa mbola hita fa mitsitokotoko noho ilay kolontsaina gaboraraka, noho ilay ministry ny serasera sy ny kolontsaina tsy niraharaha izany fanamarihana izany. Tokony ho andro tsy niasana toy ny andro rehetra fety misy eto amintsika izany, ny fetin'izao karazambazaha rehetra izao aza ankalazaina eto amintsika ary natao ho andro tsy iasana, nefa nahoana ny taom-baovao Malagasy no tsy raharahahian'ny ministera tompon'andraikitra sy ny fitondrana Rajoelina?
Hita sy tsapa araka izany, fa manamaivana ny fampihavanana ny fitondrana Rajoelina, raha toa ka zava-dehibe toy ireny no tsy asiany hasina ny fotoam-pankalazana, andro lehibe tokony tsy hiasana, fa dia namaivanin' ny mpitondra firenena tokoa. Ireo mpitana ny fomban-drazana avy amin'ny lafy valon'ny Nosy anefa, tonga nanamarika izany taty an-drenivohitra.
Mibaribary tokoa fa tsy voafehin'ny mpitondra sy ambaniany ny kolontsaina Malagasy, sy ny mahagasy ny gasy. Manampy trotraka izany ny fahasamihafana ara-politika, ny tsy fihainoan'ny mpitondra ny tsy mitovy hevitra politika aminy, izay lafiny mbola tsy hahatafarina ny firenentsika mihitsy, raha izao no fandehany.

**Beharo**

## NY TENY FIAINANA

*"Izay manangona amin'ny fararano no zanaka hendry; fa izay sondrian-tory amin'ny taom-pijinjana no zanaka mampahamenatra".*
***Ohabolana 10:5***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fidangan'ny vidim-piainana

# Mety tsy ho zakan'ny vahoaka intsony

Manitsaka ny faha-efabolana amin'ity taona ity isika ankehitriny. Miha-mafy ny fidangan'ny vidim-piainana vokatry ny fiakaram-bidin'ireo entana rehetra fanjifan'ny vahoaka andavanandro. Tsy misy izay tsy misondrotra hatramin'ny madinika indrindra, izay mazava loatra fa tsy fantatr'ireo tomponandraiki-panjakana ambony rehetra, satria tsy iainany izany. Izy ireo ny ankamaroany dia mamonjy ireo tsenam-barotra lehibe rehefa hiantsena ary any izy ireo no manangona ny entana samihafa ilainy mandritry ny andro maro. Ny sarambabem-bahoaka, ny hanina isan'andro aza tadiavina isan'andro, ary izay hahavelona sisa no atao. Ireny vatomamy kely ireny, dia efa ariary zato izao ny iray, ary manomboka tsy miasa intsony ny 50 Ariary. Ho aiza ny hitondrana ity vahoaka malagasy ity, ary hanao ahoana no hiafaràny raha izao no mitohy? Hatraiza ihany koa no hahatantesan'ny vahoaka izany? Tany amin'ny firenen-kafa, ny mofo dipaina fotsiny no niaka-bidy, dia efa nidina an-dalambe ny vahoaka tao aminy. Toy izany koa ny vidina gaz. Mahatanty zava-mafy ity vahoaka malagasy ity hatreto, ary izay ve no ararao-tin'ny mpitondra fanjakana? Nefa na izany aza, amin'ny farany mety tsy ho zakan'ny vahoaka intsony izao vidin-javatra midangana avokoa izao.
Tsy misy afitsoka ny fitondrana manoloana ny fahoriam-bahoaka amin'ny fidangan'ny vidim-piainana mafy ankehitriny. Tsy mazava izay fepetra raisiny hamahana ny olana, ary na misy vahaolana arosony aza, toy ny langilangy zozoro ihany tsy mahavita n'inona n'inona akory. Nohamarininy tokoa izao ny teniny amin'ny hoe, ahita ny mbola tsy fahita hatrizay tao anatin'ireo fitondrana nifanesy ny vahoaka, ary zava-baovao no entiny. Dia iaraha-mahita ny vidin-javatra midangana rehetra izao, izay tsy fahita hatrizay, ny zava-nitranga teo anivon'ny rafi-pitondrana izay nahamenatra sy nanala-baraka ny firenena ary nampihemotra mihitsy azy aza, sns...
Lasa fiainana mandeha ho azy eo amin'ny srambabem-bahoaka sisa ny mivarobarotra fananana. Ny vilanin' ny atsy voatery amidiny, fa tsy misy intsony ny vola ividianan-kanina, dia vidin'ny eroa izay mbola hivarotra indray rehefa avy eo hovidin'ny hafa. Dia mifamezivezy eo sisa ny fitaovana ilaina an-dakozia na ao an-trano ahafahana mivelona. Tsy vao izao izany, fa nanomboka tamin'ny nisian'ny krizy ara-pahasalamana no tena niha-nitombo. Noho ny tsy fananana fahaiza-mitariky ny fitondrana Rajoelina, no rangory fototry ny fahoriam-bahoaka ankehitriny. Nanampy izany ny fanaovan'ny fitondrana kajikajy politika hatrany isaky ny manao zavatra na asa na hetsika tao anatin'izay telo taona izay. Dia izao no vokany, ny vahoaka malagasy no mibaby izany rehetra izany. Midika ho zary nampahantraina ilay vahoaka, ary ny mpitondra azy, izay nomeny fahefana ihany no karazany mamono ilay vahoaka Malagasy tsy mandady harona ankehitriny.

***Sôh 'son***

Vehivavy TIM Toamasina

# Nanatanteraka asa sôsialy ny sabotsy teo

Mihetsika ihany koa ny Vehivavy TIM any Toamasina faritra Atsinanana amin'izao fotoana izao. Manoloana ny fahasahiranana eto amin'ny firenena ankehitriny, noho ny fidangan'ny vidim-piainana, sy ny olana samy hafa eto amin'ny firenena, nanome fanampiana ireo vehivavy TIM avy amin'ireo boriboritany misy any Toamasina ny Vehivavy TIM any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana ny sabotsy teo, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko ao Ambodisoanambo. Fotsimbary, no anisan'ny nomena ireo mpikatroka nandritra izany. Nanambara ny mpitarika ny Vehivavy TIM Toamasina Voizy Blandine, fa santatra am-bava rano ihany izao hetsika sôsialy nataon'izy ireo izao, fa mbola hitohy amin'ny fotoana manaraka izany. Nankasitraka izy ireo rehetra nifanolo-tanana, ka nahatanterahana izao hetsika izao.

***Niaina***



*Ny hetsika sôsialy nataon'ny Vehivavy TIM Toamasina ny sabotsy teo.*

KMF /CNOE

# Tokony ho alohan'ny fifidianana filohampirenena ny kaominaly

Nanao fanambarana ny fikambanana Kmf/Cnoe: Komity Mpanara-maso ny Fifidianana, fa tokony halefa mialoha ny fifidianana Kaominaly, izay vao miroso amin'ny fifidianana filoham-pirenena, satria fifidianana akaikin'ny vahoaka ity fifidianana ity, no sady manamora ny "Exercice Citoyen", mba hahafahan'ny olom-pirenena mandray anjara amin'ny fifidianana filoham-pirenena, izay tsy maintsy ho avy. Nilaza Andriamatoa Robert, filoha nasionalin'ny Kmf/Cnoe, fa tokony hotanterahina ihany koa ny fanavaozana amin'ny ankapobeny sy tanteraka ny lisi-pifidianana, ka ny Governemanta irery ihany no manan-jo hanao an'izany, mba hisian'ny lisi-pifidianana vaovao miainga avy amin'ny fanisana natao tamin'ny olompirenena. Nanohy fanazavana ity filoha nasionalin'ny Kmf/Cnoe ity, fa tsy andraikitrin'ny Ceni no manatanteraka fanavaozana ny lisi-pifidianana fa anjara asan'ny Governemanta irery ihany ary efa nanolotra tolo-kevitra tamin'ny mpanatanteraka ny Ceni mikasika an'ity fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana ity, ka tokony hirosoana amin'izay. Nanamafy ny Kmf/Cnoe, fa hifanesy ny fifidianana manomboka amin'ny taona ho avy, ao anatin'izany ny fifidianana Ben'ny tanàna, ny fifidianana mpanolotsain'ny tanàna, ny fifidianana filoham-pirenena; ny fifidianana Solombavambahoaka ary tokony horaisin'ny fitondram-panjakana ny soso-kevitra omen'ny Kmf/Cnoe, mba hisian'ny fandraisan'anjaran'ny rehetra amin'ny fifidianana, izay antoka amin'ny fitoniana amin'ny firenena.

***Franck Razakambelo***




*Ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny KMF/CNOE.*


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miangola A.**


## TONONKALO

# Ho an'ilay iray andrasana ho mpanao mazika

Misy teny mba nahafinaritra,
Nolazain`ilay iray izay voatendry.
Tena tsapa ary tena tsikaritra,
Fa dia tenin`ny olona hendry.

Misongadina ny ela nihetezana
Fa ananany ny traikefa.
Tsy tahaka ilay iray nihomehezana,
Kilasiana ho "voata" sy "zefa" !

Saingy ho afa-mivelatra ve
`Ty ilay olona iray notendrena,
Sa hogiazan`ireo "mafy be"
Amin`ny halatra sy ny hafetsena ?

Tena vitany ve ny hanafoana
Ny asa ratsin`ireo jiolahy ?
Amin`ny fomba tahaka ny ahoana ,
Moa hijoro izy ka dia ho sahy ?

Moa raha tena mba mihetsika ve
Sy mba miezaka ny hanatsara,
Dia ho raikitra ny "tambabe"
Sy ny fingan-dry "tsivalahara" ?

Efa ireo manodidina mantsy
No efa miaina amin`ny fahalovana,
Ka inoana fa dia ho voafantsy
`Zay miseho mba hanao fanadiovana !

Asa izay fiovana ato ho ato
Amin`ny sehatry ny fitaterana.
Mahereza ka dia aza miato,
(Ireo "akama" aza ananam-pitserana!)

`Ndeha ny marina no ifikiro
Ry nandrasana ho "mpanao majika",
Dia meteza hijoro ho jiro,
Miandry izany anie `ty nosintsika !

***TSIMIMALO (30-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

**Helisoa**

**Ny fizarana fanampiana ho an'ireo traboina, noho ny rivodoza nandalo teto amintsika, nataon'ny iraky ny fikambanana VVSD (Vehivavy Vonona Sahy Diaspora), tany amin'ny fokontany Maroalakely Manakara, faritra Fitovinany ny sabotsy teo.**



















TSIPY KANETIBE "GRAND OPEN FSBM"

# Nanao pao-droa ny ekipan'ny C2BA



*Teny amin'ny Boulodrôme Fitaratra Tongarivo.*

Notanterahina teny amin'ny Boulodrôme Fitaratra teny Tongarivo Tanjombato tamin'ny sabotsy 02 sy alahady 03 aprily 2022 lasa teo ny fifaninanana tsipy kanetibe "Grand Open FSBM". 2 andro natao ho soloin'ny fifaninanana "Tête à tête" tsy nahatrehantsika Malagasy noho ny sazy nomen'ny FIPJP « Fédération Internationale de Pétanque et Jeu Provençal » antsika. Mikasika an'izay sazy izay indrindra dia nambaran'Atoa Hery, filoha lefitry ny FSBM, teny Tongarivo tamin'ny fanokafana an'ity "Grand Open FSBM" ity fa tena eo am-pifampiresahana matotra amin'ny Federasiôna Iraisam-pirenen'ny tsipy kanetibe ry zareo ao amin'ny FSBM ankehitriny ka mangataka mafy ny hanafoanan'ny FIPJP ny hanafoanana an'io sazy mihatra amintsika io fa tsy mendrika an'izany ny tsipy kanetibe Malagasy. Ilay vola tokony naloan'ny tsipy kanetibe Malagasy ihany koa efa naloan'ny fanjakana Malagasy tanteraka avokoa.

Nanao pao-droa ny ekipan'ny C2BA Analamanga tamin'ity fifaninanana ity fa lasany:

Ny olo-3 niaraka lehilahy (Adrien – Bondy – Mika) avy amin'io klioba C2BA.

Io ny fandresena ka nandrombahiny ny amboara sy lelavola 2.000.000 ar rehefa nandresy an'i Tiana Rirotra sy Piwi ary Zakabe avy amin'ny klioba IBC tamin'ny isa 13-12 izy ireo teo amin'ny lalao famaranana. Marihana fa nahatratra 98 ireo ekipa olo-3 miaraka lehilahy nandray anjara tamin'ity fifaninanan ity.

Mbola ny ekipan'ny C2BA Analamanga vehivavy ihany koa nisy an'i Cicine sy Tita no nandrombaka ny fandresena ka nibata ny amboara kalisy sy lelavola 400.000 ar tamin'ity fifaninana ity rehefa nandavo an'i Hasina sy Judicaël avy amin'ny ekipan' ny BIC Ambohimahasoa tamin'ny isa13-00. Nahatratra olon-droa miaraka 38 kosa no nandray anjarateo amin'ny sokajy vehivavy.

Marihana fa tamin'ny fanokafana an'ity fifaninanana ity dia notoloran'ireo mpanohana ôfisialy ny Fsbm dia ny Telma sy Star fanomezana manokana (kasiketsy Tee Shirt sns…) ireo ekipa lehilahy sy vehivavy 5 voalohany nisoratra anarana ary ekipa 5 hafa tsy nanana klioba natao antsapaka nandray anjara tamin'ity fifaninana ity.

***Rainilita***

Championnat de Madagascar lutte

# Fantatra ny anaran'ireo tompondaka 2022

Mpikatroka nahatratra 160 avy amin'ny Ligy 4 (Analamanga, Atsinanana, Ihorombe ary Vakinankaratra no nandray anjara tamin'ny hetsika "Championnat national" sokajy "Junior"sy "Senior » lahy sy vavy hoan'ny taranja Tolona Malagasy notararihan'ny filohany Raveloson Mamitiana, teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano tamin' ny sabotsy 02 aprily 2022 lasa teo.

Nanokatra tamin'ny fomba ôfisialy an'ity fifaninanana ity sady nitarika ny fanolorana ny amboaran'ireompandresy ihany koa tamin'io asabotsy 02 aprily 2022 io ny Talen'ny kabinetra vaovao eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy.

Nambaran'ny filoha Raveloson Mamitiana fa nampiakatra ny môralin'ireo mpikatroka tolona Malagasy sy nampientana azy ireo tanteraka ka nampiakatra ny haavo lentan'izy ireo tamin'izany fifaninanana izany ny nandrenesana fa anisan'ireo taranja naverina hifaninanana any amin'ny lalaon'ny nosy 2023 indray ity taranja ity.

Marihana fa fianinanana maromaro no hanoman'ny taranja tolona amin'io taona 2023 hitsidika io ka ankoatra ny fifaninanana « Jeux des Iles » voalaza teo dia mbola ao koa ny ny fifaninanana « Jeux de la Francophonie » nahemotra amin'io taona 2023 sy ny fifaninanana « Jeux Africains 2023 ».

Fa ny fifaninanana homanin'ny tolona Malagasy akaiky indrindra aloha dia ny « Championnat d'Afrique 2022 » ho tontosaina Maroc amin'ny volana mey ho avy izao ary koa ny hiatrehan'ireo mpisehatra tolona Malagasy (mpikatroka, mpanazatra, mpitsara sns...) ny tetikasa « Projet Redt » hanaovana « Tournoi, « Stage » ary « Formation » amin'ny 10 jona any Maurice.

***Rainilita***

**Ny anaran'ireo tompondaka Séniors sy Juniors 2022 :**

**SENIOR HOMME :**
57 kg -BIENVENU(COSFA),
61kg -J.CHRISTOPHE(COSPN),
65 kg -FALY HERY(COSFA),
70 kg -TODISOA F.(3FB),
74 kg -MBOLALALAINA(COSPN),
79 kg -RHINO(ROSSARY),
86 kg -ANTONIO(COSFA),
92 kg -RICKY(COSFA),
125 kg -HERCULLE(FIFA).

**JUNIOR HOMME :**
57 kg -OMEGA(ROSSARY),
61 kg -TSIKINIAINA(COSPN),
65 kg -HAJATIANA(3FB),
70 kg -DAVID(IHOR),
86 kg -AMADI BEN(ATS),

**SENIOR DAME :**
50 kg -ANDONIAINA(COSPN),
53 kg -CLAUDIA(FIFA),
55 kg -EMMA P.(COSFA),
59 kg -MAMITIANA(3FB),
62 kg -ELODIE(BOENY),
65 kg -SABRINA(COSPN),
68 kg -BERNARDINE(3FB),
72 kg -CATHICIA(3FB),
-ANDOANDRIANINA(COSPN).

**JUNIOR DAME :**
50 kg -VICTORINE(COSPN),
55 kg -KOLOINA(3FB),
59 kg -RAVAKA ELIE(COSPN),
68 kg -JOCYAH(COSPN).

« Esprit Beach rugby Toamasina »

# Nahatratra 428 ireo ankizy sy tanora nandray anjara

Notanterahina tany Toamasina tamin'ny 02 sy 03 Aprily 2022 teo ny «Lancement de la première journée Esprit Beach Rugby » ka «carnaval » niainga teny amin'ny « Hôtel de Ville » nankany amin'ny Tora-pasika no nanombohana an'izany.

Araka ny vaovao azo dia nahatratra tany amin'ny ankizy niisa 428 no nandray anjara tamin'ity hetsika ity raha mpianatra miisa 300 avy amin'ny « collèges » sy « lycées » any an-toerana no novinavinaina tany am-boalohany. Nisy ihany koa fandraisan'anjaran'ny kliobana rugby miisa 6 ao Atsinanana sy ny ekipan'ny FIMPIRUZO d'Antananarivo.

Nisy mihitsy fananganana kianja filalaovana Beach Rugby niisa 2 teny amin'ny tora-pasik'i Toamasina tamin'izany ka niara-nisahaly tamin'ny "Association Academy Rugby Atsinanana" tarihan-dRtoa Nomenjanahary Volasoaniaina filohany mpikarakara ny hetsika ny "Association 974 Action" avy atsy La Réunion sy ny "Cisco de Toamasina". Tonga nanome voninahitra sy nanotrona ny fotoana kosa ny « Directeur Régional Jeunesse et Sport » ao Toamasina.



*« Carnaval Beach Rugby » tany Toamasina.*

Ny sabotsy 02 aprily 2022 dia « journée jeunes » ka ny sokajy 14-15 taona sy ny sokajy 16-17 taona no nifaninana ary tafavoaka ho mpandresy tamin' izany ny Geg Mangarano (14-15 taona) ary ny Relève no tompondaka teo amin'ny (16-17 taona).

Tamin'ny alahady 03 aprily 2022 kosa dia ny "journée Adulte" ka teo amin'ny sokajy "Homme expert" dia ny RCR Toamasina no voahosotra ho tompondaka. Hoan'ny sokajy « Homme Elite » kosa dia ny ERT Toiamasina no tompondaka ary teo amin'ny sokajy vehivavy kosa dia ny Acadely rugby Atsinanana no voahosotra ho tompondaka.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Vily saosy tongolo sy voatabia indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly ny aretin'ny fo

Fanafody natoralyh ny aretin'ny fo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

-Afangaroy ho lasa paty marihitra ny tantely sy ny vovoka kanelina mitovy fatra. Afaka tehirizina ny ambiny . Mihinàna 1 sotro kely vao maraina mifoha, na koa afaka hihinanana mofo na sosoa maraina.

-Mampihena ny tavy manodidina ny fo izany ary fisorohana ny fijanonan'ny fo tampoka koa.

-Ny fihinanana ireo fangaro ireo matetika dia mampihena ny fahasemporana ary mampitempo ny fo araky ny tokony ho izy ary manamafy ny lalan-drà ihany koa.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Marohazo, any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Marohazo, any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marohazo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. 136 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Misy any amin'izany toerana izany koa ny raphia, ny voanio na coco fakana menaka.



Kaominina Imito Fandriana

# Nizara fitaovana samy hafa ho an'ireo fokontany 22



Ny fanolorana fitaovana samy hafa ho an'ireo fokontany, nataon'ny kaominina Imito any Fandriana.

Andro niavaka ho an'ny Vahoaka any Imito, distrikan'i Fandriana faritra Amoron'i Mania ny zoma 1 aprily 2022 lasa teo. Notanterahina tamin'io Taombavao Malagasy io sady andro tsena ao an-toerana rahateo, ny fizaran'ny Kaominina fitaovana, ho fampitaovana ireo Fokontany miisa 22 mandrafitra ity Kaominina iray, ao anatin'ny Distrikan'i Fandriana, Faritra Amoron'i Mania ity. Simenitra amin'ny kitapo, hazo « madrier », hazo fanaovana valindrihana, fanitso, «panneau solaire », takamoa, penina, penisily hazo, taratasy, seza, latabatra, loko, vola … no nozaraina. « Vola madidion'ny Kaominina no nenti-nanana ireo fampitaovao ireo, ho famaliana ny fangatahan'ny Fokontany araka ny filan'izy ireo tsirairay avy », hoy Razafimanantsoa Andriatsiravana Jean Marie, Ben'ny tanàna sady mpahay toekarena. Fanambin'ity farany ny hitondra fomba fanao vaovao amin'ny politika. Izy izay nanipika mazava, fa « azo atao ny mampandroso miainga amin'izay eo ampelan-tanana ». Mavitrika amin'ny fandoavan-ketra ny mponin'Imito ary efa nahazon'ity Kaominina ity loka izany. Mendrika hisitraka tamberin'andraikitra ny mponina ho setrin'izany, hoy hatrany ny Ben'ny tanàna. Porofon'izany izao fampitaovana hitondra fampandrosoana eny ifotony, miainga amin'ny Fokontany izao. Izany dia natao teo anatrehan'ny Vahoaka notarihin'ireo Sefo Fokontany rehetra. Kaominina voafidy hanombohana ny tetikasa « Asa Avotra Mirindra » i Imito ao anatin'ny Distrikan'i Fandriana. Tia mampiana-janaka ny mponina ao ary isan'ny mitana ny laharana voalohany hatrany amin'ny taham-pahafahana bakalôrea ao amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa. Niverina ny famatsiana rano ao Imito raha tapaka an-taonany maromaro, mirehitra jiro ny tanàna ankehitriny. Hanana «gare routière » manarapenitra ihany koa Imito, izay ezaky ny Kaominina madiodio, hanalana fahasahiranana ireo mpandeha. Efa vita ny trano, fa fanadiovana no sisa. Mitana ny teto Fahizay, miavaka amin'ny fiaraisankina ihany koa ny Vahoakan'Imito. Maro ny asa vita tao anatin'izany, ary iantsoan'ny Ben'ny tanàna ireo zanaka ampielezana hifanome tanana ho fampandrosoana ity Kaominina Imito ity.

**Isambilo**

Ecforme

# Azo atao ny miady amin'ny fanandevozana ho an'ireo mpiasa mpifindra monina


Atrikasa, nataon'ny avy amin'ny Ecforme.

Nanolotra tetikasa ahafahana manangana “Centre de ressource”, ho an'ny mpiasa mpifindra monina, sy ho an'ny olona mitady asa any ivelan'i Madagasikara ny Ecforme (Etudes conseils formations entreprenariats), mba hisorohana ny fanambakana sy ny fanandevozana ary ny fanararaotana arak'asa. Nilaza Ramatoa Andrianasolo Hoby, Talen'ny Ecforme, fa ny tsy fahafantaran'ny mpiasa ny lalàna mifehy ny asa sy ny zon'ny mpiasa, no mahatonga ny mpiasa mpifindra monina voasoloky, hany ka tsy misy fivoarany ny fiainany rehefa miverina aty an-tanindrazana. Nanamafy ny talen'ny Ecforme, fa tokony hampahafantarina ny olona hiondrana any ivelany ny lalàna mifehy ny asany, ny andraikiny, ny zavatra nifanarahana amin'ny mpampiasa sy ny zavatra tsy maintsy hataony rehefa mitranga ny olana arak'asa ary amporisihana ireto farany, mba ho sahy mitaky ny zony amin'ny mpampiasa, mba hisorohana ny fanitsakitsahana ny zony. Ankoatra izay nilaza Ramatoa Andrianasolo Hoby, fa tokony ho voafehin'ny mpiasa ny asa izay hataony, izany hoe efa ampy fiofanana ara-teknika, manana fahaizamanao, nahavita fianarana, mba tsy ho diso fanantenana ny mpampiasa azy. Nanohy fanazavana ny Talen'ny Ecforme, fa mila fiaraha-miasa amin'ny mpisehatra miankina, na tsy miankina amin'ny fanjakana ny fanatsarana ny tontolon'ny mpiasa mpifindra monina, mba hampihenana an'ireo mpanararaotra, izay manitsakitsaka ny zon'ny mpiasa.

**Franck Razakambelo**

FJKM Ambatomahamanina Mahatoky

# Eo am-pamitana ny tranon'ny mpitandrina

Nisongadina nandritry ny alahadin'ny zana-piangonana Ambatomahamanina Mahatoky, synodamparitany Iarivo avaradrano ny alahady lasa teo fa ho vitaina ny tranon'ny mpitandrina amin'ny fanamarihana ny faha-25 taonan'ny mpitandrina Rahasinarivo Tianaharisolo Stéphano Albert mianakavy. Efa vita ny trano fa famitana ny sisa toy ny fametahana ny jiro sy ny kojakoja samihafa. Nambaran'ny filohan'ny komitin'ny fankalazana fa tanjona ny fanomezana zavatra tsara ny mpitandrina noho ny fiarahamiasa nandritry ny 18 taona teo amin'ny mpino kristianina sy ny mpitandrina mianakavy. Raha tsiahivina, dia nisy ny hetsika tamin'ny alalan'ny valopy sy rakitra notanterahina teny an-toerana ary tratra ny tanjona amin'ny ankapobeny. Nanolotra synthétiseur sy micro ho an'ny fiangonana moa ny zana-piangonana Ambatomahamanina Mahatoky noho ny faha-75 taona nijoroan'izy ireo. Nanamafy ny filohany fa mitohy hatrany ny fiaraha-miasa amin'ny fanohanana ny fiangonana reniny.

**Rajo**

Printsy Andry Rodrigue

# « Vahaolana ny fiverenana an-doharano »

Manoloana ny olana isan-tsokajiny zakain'ny vahoaka Malagasy ankehitriny, izay miseho amin'ny endrika fahantrana lalim-paka eo ampiatrehana ny fiainana dia nivoaka tamin'ny fahanginany ny Printsy Andry Rodrigue. Antso avo miendrika vahaolana, araka izany, no nataony ny tokony hiverenan'ny Malagasy tsy ankanavaka (Mpitondra sy Vahoaka), ho amin'ny fanomezan-kasina indray ny Soatoavina malagasy navelan'ireo razambe izay antoka hampirindra indray ny fiainam-piaraha-monina eto Dago. Io ilay hoe : « Fiverenana an-doharano », hoy ny Printsy Rakotoarisoa Andry Rodrigue nanantitra.

Anisan'ny efa fizorana ho amin'izany « fiverenana an-doharano » izany, hoy hatrany ny Printsy Andry Rodrigue ny fankalazan'ny Ambanilanitra tsy ankanavaka ny « Taombaovao malagasy » sy ny fanomezan-kasina azy indray. Ny « Taombaovao malagasy » izay raha atao indray mielatra dia fotoana hamitranana ny fihavanana marisarisa na efa tapaka mihitsy, fifamelana, fampanjakana ny firaisankina ary famalonana tanteraka ireo rehetra tsy nety (Ratsy) vita nandritra ny taona, ka hametrahana fijery vaovao, mba hahafahana manatratra ny taona zina ho henika fahombiazana ary ho lavitry ny disadisam-piaraha-monina sy ny fitsitokotokoana noho ny hevitra tsy mitovy na fiaviana. Raha tanteraka ireo, handroso i Gasikara fa tsy tahaka ny misy ankehitriny, izay toa fampiesonana sy fampatoriana mitsangana amin'ny alalan'ny fampanantenana poakaty lavareny laroina lainga tsara lahatra hehezin'ny akoho tokan'anaka no iainan-dRamalagasy, izay fadiranovana tanteraka noho ny fahantrana niniana novolena.

**Lalasoa Razafindrakoto**


Ny Printsy Andry Rodrigue, saropiaro tanteraka amin'ny Soatoavina malagasy.

Tetezan'Ampasika

# Andro maromaro tao aorian'ny fahasimbany vao vita

Andro maromaro lasa izay no nisy fahasimbana ny fefy vy amin'ny tetezan'Ampasika. Andro maromaro tao aorian'izany fahasimbany izany vao vita ny arofanina tamin'ity tetezana ity. Vokatry ny lozam-piarakodia nitranga teny noho tsy fitandremana no anton'ny fahasimbana. Niongotra tanteraka ilay fefy vy voadona ary babangoana ny teo nandritry ny andro maromaro. Anisan'ny adihevitry ny olom-pirenena ny fanontaniana ny momba ny fanamboarana azy sy ny fotoana namitana izany. Iza ihany koa no tokony hanamboatra amin'ireo tomponandraikitra. Mandrapahatonga ny fotoana nanamboarana azy dia tady kely iray no napetraka teo. Izany ve dia hahavita inona amin'ny fiarovana ny olona na ny fifamoivoizana eo. Efa misy fefy aza mbola misy miakatra sy mitsoraka hamono tena ihany amin'ireny tetezana ireny, mainka fa tsy misy. Na ny sotasota sy hetraketraka ataon'ny tsy matahotody koa aza mety hitranga amin'izany. Tsy tokony ho adinoina fa faritra mena amin'ny asan-jiolahy iny faritra Ampasika iny.

Eo ihany ny lafiny amin'ny hoe fananana iombonana itony tetezan'Ampasika itony, fa ny voalohany aloha dia ny fiarovana ny olom-pirenena, ny mponina sy ny fiarakodia mifamezivezy andro aman'alina eo. Aleo misoroka toy izay mitsabo. Tsy tokony ho nandrasana fotoana ela ny fanarenana azy. Fefy vy efa vita tsara iny, nisy fahasimbana indray noho ny tsy fitandremana.

**Radafy**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/04/2022 hatramin'ny 09/04/2022**

- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC prËs station Galana) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan' Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1282-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANDRO IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY ALA

## Nankalazaina tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny Fanalamanga

Nankalazaina tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny orinasa Fanalamanga tany Moramanga, faritra Alaotra Mangoro, ny andro iraisam-pirenena momba ny ala ny volana martsa lasa teo. Izany dia notarihan'ny minisitry ny tontolo iainana sy ny mpiaramiasa aminy, natrehan'ireo solombavambahoakan'Ambatondrazaka José Alain, filohan'ny kaomisiôna momba ny tontolo iainana ao amin'ny Antenimierampirenena, sy ny solombavambahoakan'Amparafaravola Rabekijana, mpampakateny ao amin'ny kaomisiôna momba ny tontolo iainana eny Tsimbazaza, ny depioten'i Moramanga Lova Rajaobelina, sy ireo olo-manakaja miaramila sy sivily nasaina. Mazava ho azy fa ny orinasa Fanalamanga, nampiantrano izao andro iraisam- pirenena momba ny ala izao dia notarihan'ny tale jeneralin'ny orinasa Rabetsivahiny Harlem, sy ny mpiaramiasa aminy. Nisy ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny galonan'ireo polisin'ala, ka ny ministra no nitarika ny fametrahana izany galona izany. Nisaotra an-dramatoa ministra ny tale jeneralin'ny orinasa Fanalamanga teo am-pandraisany fitenenana tamin' izao fahatongavany nitsidika ny orinasa Fanalamanga izao, izay eo ambany fiahian'ny ministera. Nanome toky ny tale jeneralin'ny orinasa, fa vonona ary hametraka soa iombonana hanasoavana ny orinasa Fanalamanga, izay reharehan'i Moramanga sy ny faritra Alaotra Mangoro sy ny firenena malagasy. Ramatoa minisitra, no namarana ny fandraisam-pitenenana farany, ka niarahaba ny mpitantana ny orinasa Fanalamanga sy ny mpiara-miasa ary namelabelatra ny fomba hitondrany hampandrosoana ny ministera tantaniny. Nofaranana tamin'ny fitsidihana ireo tranoeva ny fotoana.




***Aly***

Ben'ny tanàna Rakotoson Martin Pierre

## Hahazo « tracteur » hiasa ny taniny ireo tantsaha

Nisongadina nandritry ny tenin'ny ben'ny tanànan'i Mahabo distrikan'Ambohidratrimo, Rakotoson Martin Pierre, fa averina ny valintànana ifotony toy ny teo aloha. Olana mantsy raha ny nambarany ny saraka antsaha dimy arivo ariary, izay tsy zakan'ny fahefa-mividin'ireo mpanarama intsony. Manginy fotsiny ny fahavoazan'ny mpikarama satria ny karama tsy mahavelona, nefa ny asan'ny tena tsy misy vita. Mampitombo ny fahasahiranana indray io hoy ny ben'ny tanàna, ka mety hampitombo ny mpangalatra indray. Tapa-kevitra ny ben'ny tanànan'i Mahabo, fa hiasa maimaimpoana ny tanin'ireo tantsaha ary ho tonga amin'ny volana Jona ho avy izao ny « tracteur » hiasa ny tany. Mitambatambatra ireo vondrona tantsaha hoy izy ary isan-kerinandro dia mitohy isaky ny fokontany ny asa mandritry ny fotoam-pahavaratra. Tanjon'ny ben'ny tanàna ny hamerina ny soatoavina teo aloha ary tokony haverina ankehitriny satria sahirana ny vahoaka . Ho jerena ihany koa ny masomboly sy zezika raha ny nambarany, ka hisy ny fihaonany amin'ny minisiteran'ny fambolena momba azy io. Nanamafy hatrany ny ben'ny tanànan'i Mahabo, Rakotoson Martin Pierre, fa tanjona ny fitohizan'ny fampandrosoana ifotony ary atao laharampahamehana ny tantsaha eny ambanivohitra.


***Rajo***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 390**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0389)

***Mitsivalana***
- Sambotra
- AA – Hao (miv)
- Amiraly
- Ozinina
- Kira (miv) – Aia?
- Tana
- Rano

***Mitsangana***
- Soa – Ota (miv)
- Mora
- Maizina
- Barika
- AN
- Toliara
- Rainy
- Ha (miv) – Aato

**TENY MIFANAPAKA** **N° 390**



**Mitsivalana**

**1.** Zava-maneno tsofina – Renintsoratra mifanaraka **2.** Lehiben'orinasa (BL) – Mpanondro manolotra – Mpanondro **3.** Adidy masina – Matanjaka 4. Fanontaniana – Neniny **5.** Solfà – Mitovy **6.** Hekitara – Solontena **7.** Kianteny – Nefa **8.** Lazao **9.** Fiandohan'ny fararano – Kivy, tsy sahy intsony **10.** Vahoaka marobe ao amin'ny fokontany

**Mitsangana**

**A.** Tsipahana **B.** Esorina – Tolory **D.** Henoko **E.** Hanina **F.** Maina tanteraka – Hatsiaka (miv) **G.** Otronina **H.** Ianao sy izy ireo, mpisolo tena **I.** Ravo (miv) – Mitempo **J.** Ray amandreny sy zanaka – Anaty rano **K.** Tany kely – Gia

### Valiny Teny mifanaraka 0389

**Mitsivalana**

**1**.Filaharana **2**. Ar – Mena – IT **3**. Herinandro **4**. Orinasa – Do (miv) **5**. Ti – Ady **6**. Arahaba **7**. Mey (miv) – vano **8**. Alaotra (miv) – Ma (miv) **9**. O.I – Nono **10**. Nafoy – Azia

**Mitsangana**

**A** Fahotana **B**. Irery – Roa **D**. Ry – Fitia (miv) **E**. Aminareo **F**. Hena – Amany **G**. Hosana (miv) – Lo **H**. Rana – Avana **I**. Aba – Zo (miv) **J**. Nirodana **K**. Atody – Ompa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

**Ny iraka avy amin'ny fikambanana VVSD (Vehivavy Vonona Sahy Diaspora), nizara fanampiana ho an'ireo traboina vokatry ny rivodoza nandalo teto amintsika, tany amin'ny fokontany Vatomasina Vohipeno, faritra Fitovinany.**















**Ny iraka avy amin'ny fikambanana VVSD, noraisin'ireo olobe Ampanjaka, tao amin'ny Tranoben'ny tarak'Andriamahazonoro, tany Vatomasina Vohipeno, faritra Fitovinany.**



